# FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY ANTANAMITARANA MADAGASIKARA

JANOARY 2022

ASRHR — FAHASALAMANA FANAOVANA SY FAHASALAMANA NY FANAOVANA

**FISY FAMPAHAFANTARANA**

Mirakitra ny fintin'ireo hita nandritra ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo natao tany Antanamitarana ity fisy fampahafantarana ity. Fanadihadiana izay natao tamina firenena valo[1] ny Novambra 2019 hatramin'ny Desambra 2020. Mikendry ny hanamafy ireo ainga sy ezaka ataon'ny tanora amin'ny fampiroboroboana ny fahasalamana sy zo ara-pananahana amin'ny alalan'ny fitantanana ifotony mandala ny miralenta sy ireo tanora ity fikarohana ity. Kaominina ivon-toerana mendrika folo no nanaovan'ny Gender Links Madagascar izany.[2] Tany Antanamitarana, toeram-pitsaboana irays no voakasiky ny fanadihadiana; 161 ireo namaly: 54% tovovavy ary 46% tovolahy (jereo ny tabilao etsy ambany). Tokony hovakiana miaraka amin'ny bobikelin'i Madagasikara mikasika ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny tatitra feno momba ny fandalinana natao tany amin'ireo firenena valo ity fisy fampahafantarana ity. Toy izao ireo zava-dehibe hita, vokatra azo nandritra ny fanadihadiana:

### Ny amin'ny fahafahana misitraka

- Maherin'ny roa ampahatelon'ireo tanora nohadihadiana (68%) no nitatitra fa manana tobim-pahasalamana anatin'ny 10 km miala ny tranony.
- Saika ireo tanora rehetra (95%) no namaly fa misokatra ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora fianarana.
- Ny ankamaroan'ireo mpamaly (82%) dia nilaza fa misokatra ny tobim-pahasalamana rehefa faran'ny herinandro.
- Saika ireo nohadihadiana rehetra (93%) no nanambara fa ahazoana aina tsara ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ny tobim-pahasalamana.
- Nanamafy ny 6%-n'ireo tanora fa andovam-bola amin'ny sarany $2 ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana.

### Kalitaon'ny fikarakarana

- Saika ireo rehetra namaly dia nanamafy fa voahaja (97%), misy ny tsiambaratelo (95%) ary koa nahazo ireo fampahalalana mifanaraka tamin'ny filàny (90%).
- Nanaiky no fa nifanena tamin'ireo mpanolon-tsaina olon-tsahala ny 89%-n'ireo tanora.
- Amin'ny ankapobeany, 84%-n'ny mpamaly no nilaza fa nanokana fotoana ampy tsara miaraka tamin'ireo tanora ireo mpiasan'ny fahasalamana.
- Telo ampahaefatra (75%)-n'ireo tanora no nanamafy fa nahazo ireo tolotra tsy nila fanatrehana olon-dehibe, raha 73% tamin'izy ireo no nitatitra fa voazaha manokana.

### Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana

- Latsaky ny atsasamanila (49%)-n'ireo tanora dia nangataka ireo tolotra fanabeazana aizana, ka 93% tamin'izy ireo no nahazo izany. Na izany aza anefa, mbola mila ezaka hatrany hahafeno 100% ny famaliana ny fangatahan'ireo tanora satria tena ilaina amin'ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo ny fisitrahana fampiasana fanabeazana aizana.
- 22%-n'ireo tovovavy tany Antanamitarana no nangataka fitiliana fitondrana vohoka, ka 88% no nahazo izany. Folo isan-jaton'ireo tovovavy no bevohoka nandritra ny fotoana nanaovana ny fanombanana: antontan'isa somary ambony izay mety ho vokatry ny fisalasalan'ireo tanora hampiasa fanabeazana aizana noho ireo sakana maro (tafiditra amin'izany ny tsy fahampian'ny fahalalana sy ny fahafahana misitraka feno ireo tolotra).
- 6% tamin'ireo tovovavy fotsiny no nangataka salaka tamin'ireo mpiasan'ny fahasalamana ary 60% no nahazo izany: mila ezaka bebe kokoa ny lafiny famatsiana salaka maimaim-poana eny anivon'ireo tobim-pahasalamana satria izany no isany lalana iray hiantohana ny fahadiovana sy fahasalamana mandritra ny fadimbolana.
- Amin'ireo tovolahy 41% nangataka ho atao famorana (angona rehetra), izay voaporofo fa mampihena be ny fifindran'ny VIH SIDA, 64%-n'ireo nangataka no nahazo fotoana hanatanterahana izany.
- 21% fotsiny ireo tanora nangataka hanao fitiliana VIH. Maherin'ny telo ampahaefatra (76%) tamin'izy ireo no nahazo izany.
- 26%-n'ireo nohadihadiana no nangataka hanao ny fitiliana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo, ka 86%-n'ny nangataka izany dia nahazo avokoa.
- 17%-n'ireo tanora namaly no nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH, ka 91% no nahazo izany. Amin'ny ankapobeany hita eny amin'ireo hopitaly eny anivon'ny distrika ireo fanafody hahafahan'ny olona miaina miaraka amin'ny VIH SIDA eto Madagasikara.
- Ampahany tena ambany (27% fotsiny) tamin'ireo tanora no nanamafy fa manontany mikasika ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana. Isany mitaky ezaka lehibe satria tena mampifaningotra tanteraka ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny fahasalamana ara-tsaina.

---

[1] Botswana, Eswatini, Lesotho, Madagascar, Maorisy, Afrika Atsimo, Zambia ary Zimbabwe.
[2] Andoharanomaitso, Anjozorobe, Antanamitarana, Bongatsara, Fort-Dauphin, Foulpointe, Mahajanga, Manjakandriana, Moramanga ary Toamasina.

*RAHA MILA FANAZAVANA FANAMPINY Tsidiho ny:*
*https://genderlinks.org.za/what-we-do/governance/local-action-for-voice-and-choice/*

**Tsipirian'ny fifandraisana:** *Gender Links Madagasikara*
**Adiresy:** *Immeuble le Premium, ex village des jeux Ankorondrano, Antananarivo*
**Tel**: *+261328732519*

AMPLIFYCHANGE
Hivos people unlimited
GENDER LINKS HO FAMPANJAKANA NY FITOVIANA SY NY FAHAMARINANA

TAREHIMARIKA FOTOTRA AZO TAMIN'NY FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY ANTANAMITARANA MADAGASIKARA

| Tondro | Antanamitarana | CSB II Antanamitarana |
|---|---|---|
| Totaly | 161 | 161 |
| %Vehivavy | 54% | 54% |
| %Lehilahy | 46% | 46% |
| ***Mahakasika ny tobim-pahasalamana*** | | |
| Anatin'ny 10km miala ny tranonao ve ny tobim-pahasalamana? % | 68% | 68% |
| Misokatra ve ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora firavan'ny mpianatra? % | 95% | 95% |
| Misokatra ve ny tobim-pahasalamana mandritry ny faran'ny herinandro? % | 82% | 82% |
| Ahazoana aina tsara ve ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ilay tobim-pahasalamana? % | 93% | 93% |
| Andoavana sarany ve ny tolotra misy ao amin'ny tobim-pahasalamana? % | 6% | 6% |
| Sandany amin'ny ankapobeany (Dolara) | $2 | $2 |
| ***Kalitaon'ny fikarakarana*** | | |
| Ahitana mpanolon-tsaina olon-tsahala ve (nanampy)? % | 89% | 89% |
| Tanora voahaja nandritry ny fizahana % | 97% | 97% |
| Tanora tsy niaraka tamin'ny Ray aman-dReniny % | 75% | 75% |
| Tanora nilaza ny fanajana ny lafiny manokana % | 73% | 73% |
| Tanora nanamafy ny fiantohana ny fanajana ny tsiambaratelo % | 95% | 95% |
| Ampy tsara ny fotoana natokan'ny mpiasan'ny fahasalamana ho an'ny tanora % | 84% | 84% |
| Fahazoan'ny tanora fampahalalana mifanaraka amin'ny filany % | 90% | 90% |
| ***Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana (%)*** | | |
| ***Fahasalaman'ny Reny*** | | |
| %Tanora nangataka ny hanao fanabeazana aizana | 49% | 49% |
| %Ireo tanora nitaky ka nahazo ireo tolotra amina fanabeazana aizana | 93% | 93% |
| % Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka | 22% | 22% |
| %Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka ka afaka nanao izany | 88% | 88% |
| %Tovovavy bevohoka | 10% | 10% |
| ***Fahasalamana mandritra ny fadimbolana*** | | |
| %Tovovavy nangataka irony salaka fanao amin'ny fotoanan'ny fadimbolana | 6% | 6% |
| %ireo nangataka salaka ka nahazo | 60% | 60% |
| ***VIH SIDA sy ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo*** | | |
| %Tovolahy nangataka ny ho atao didim-poitra | 41% | 41% |
| %Tovolahy nangataka ka nahazo fotoana hanaovana didim-poitra | 64% | 64% |
| %Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH | 21% | 21% |
| %Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH ka nahazo | 76% | 76% |
| %Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ara-nofo | 26% | 26% |
| %Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ka nahazo | 89% | 89% |
| %Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH (ho an'ireo efa tratra) | 17% | 17% |
| %Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ka nahazo izany | 91% | 91% |
| %-n'ireo nilaza fa manontany momba ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana | 27% | 27% |